Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

BIRAO FOIBE

Ho an'ny Filoham-boninahitra,
Ny Mpitandrina rehetra ao amin'ny Fiaraha-Miasan'ny Mpitandrina,
Ny Filohan'ny Faritany 6,
Ny Filohan'ny Tafo 37,
Ny Filohan'ny Sampana Iraisana 7,
Ny Sampandraharaha sy ny Vaomiera isan-tsokajiny,
Ny Vahoakan' Andriamanitra manontolo,

JR/TR/TR – 67/2008
Antony : Fandaharana Jobily faha 50 taona

Paris faha, 19 desambra 2008

"... olondehibe mahatratra ny halehiben'i Kristy sy heniky ny hafenoana omeny "
Efesiana 4.13

Ry havana,

Izany no Tenin'ny Soratra Masina banjinitsika FPMA amin'izao tsingerintaona faha 50 ny fiangonantsika izao.
Hankalaza an'Andriamanitra noho izany isika ry havana, koa ireto ny fandaharana iombonana hanasana antsika vahoakan'Andriamanitra FPMA rehetra, dia ny asabotsy 31 janoary 2009 sy amin'ny alahady 01 febroary 2009.

Ny asabotsy 31 janoary 2009 :

1° Manomboka amin'ny 1 ora ka hatramin'ny 6 ora : fotoana tarihin'ny Sekoly Alahady rehetra eto amin'ny FPMA. Ny toerana :

Basilique Saint-Denis la Chapelle
54, rue Torcy
75018 Paris

Toy izao ny fandaharam-potoana amin'izany :

- Amin'ny 1 ora - 2 ora : Fandraisana ireo mpanatrika.
- 2 ora - 2 ora sy sasany : Fanompoam-pivavahana.
- 2 ora sy sasany - 3 ora : Hira 5 iraisan'ny Sekoly Alahady rehetra FPMA.
- 3 ora - 5 ora : Fandraisan'anjara ny Sekoly Alahady isan-tafo 37
- 5 ora - 6 ora : Fiaraha-miala hetaheta.

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

BIRAO FOIBE

JR/TR/TR – 67/2008
Antony : Fandaharana Jobily faha 50 taona *(tohiny)*

2° - Manomboka amin'ny 7 ora ka hatramin'ny 9 ora alina ao amin'ny ***Basilique Saint-Denis La Chapelle*** ihany : CHORALIE MANOKANA atolotry ny AMF FPMA.

Ny alahady 01 febroary 2009 :

Toerana :

Espace Chevreul
97 avenue de la Liberté
92000 Nanterre

- Manomboka amin'ny 9 ora sy sasany ka hatramin'ny 12 ora : Fanompoam-pivavahana fankalazana an'Andriamanitra noho ny Tsingerintaona faha 50 ny FPMA hanasantsika ny Fiangonana sy ny fikambanana mpikambana ao amin'ny Fédération Protestante de France sy ireo vondrom-piangonana miara-miasa amintsika.

- Manomboka amin'ny 1 ora ka hatramin'ny 4 ora : Sakafon-jobily sy korana ataon'ny fianakaviamben'ny FPMA.

Aza adinoina ny mividy ny "billet" *(10 €)* ny sakafon'ny jobily any amin'ny Filohan'ny tafo misy anareo . Ho avy tsy ho ela aty aminareo ny hira fanevan'ny faha 50 taona. Koa entanina isika vahoakan'Andriamanitra FPMA hianatra izany.

Eo am-panantenana hifankahita aminareo mandritr'izany fotoana rehetra izany no hanaovanay veloma anareo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana.

Ny Filohan'ny Komity Jobily faha 50 taona

RANDRIAMANANTENA Théodore Raphaël,
Mpitandrina

Ny Filoha Synodaly sady Filohan'ny FPMA

Dr RAVALITERA Jean Andriamarohasina,
Mpitandrina